


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mikarakara ny Tempoly

Ny vatako dia tempolin’ny Fanahy Masina, voavotra, voadio, ary nohamasinina tamin’ny ran’i Jesosy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny Soratra Masina dia nitarika ahy tamin'ny fanatsoahan-kevitra azo ampiharina momba ny tenako. Tsy mikatsaka ny hanery an’iza n’iza amin’izany aho, fa nanao fitandremana sy vavaka be dia be momba an’io lohahevitra io aho, ary efa vonona ny hanao fiovana lehibe eo amin’ny fomba fiainako manokana, raha sitrapon’Andriamanitra izany.

Ny fanatsoahan-kevitro voalohany, fototry ny fanatsoahan-kevitra hafa rehetra, dia ny tsy maintsy hitondrako ny tenako amim-panajana sy mampifanaraka izany amin’ny hoe tempolin'ny Fanahy Masina. Hoy indray i Paoly:

> "Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina?" (1 Korintiana 6:19)

Raha raisintsika ho zava-dehibe io andalana io, dia hataontsika toy ny tempoly ny tenantsika, fa izany no izy.

Eritrereto hoe notendren'Andriamanitra hiandraikitra ny tempoly ara-materialy isika — trano vato, sy hazo, ary fitaratra. Raha nitandrina tsara isika, dia niahy momban’ny fijerena azy io — nihazona azy io ho madio sy tsy misy vovoka, tsy misy varavarankely vaky na trano fivoahana tsentsina. Tena ho tsapantsika fa andraikitsika lehibe ny hitazona io trano io amin'ny toe-javatra tsara indrindra. Amin’ny maha-Kristiana ahy, izaho sy ianao dia manana andraikitra lehibe kokoa amin’ny fitazonana ny tenantsika, izay tempolin’ny Fanahy Masina, ao anatin’ny toe-javatra faran’izay tsara indrindra, ary mila mitady izay ilaina amin’izany isika.

Nanoratra toy izao i Paoly, tao amin’ny taratasiny faharoa ho an’i Timoty:

> “Fa tsy nomen’Andriamanitra fanahy osa [na tahotra] isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena.” (2 Timoty 1:7)

Hitantsika eto fa ny Fanahy Masina dia Fanahin'ny fifehezan-tena. Saingy misy fifandanjana tsara: Tsy hanapaka antsika izy raha tsy vonona ny hanaraka fitsipika isika. Raha mitady ny fanampian’ny Fanahy Masina isika amin’ny fambolena fifehezan-tena, dia hanampy antsika Izy.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô , noho ny amin'ny ran'i Jesosy sy ny asan'ny Fanahinao Masina. Hikatsaka ny fanampian'ny Fanahy Masina aho amin'ny fikolokoloana ny fifehezan-tena mba hihazonana ny tenako amin'ny toe-javatra tsara indrindra, satria tempolin'ny Fanahy Masina izy io, navotana, nodiovina, ary nohamasinina tamin'ny ran'i Jesosy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-061-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

